

08/07/25
SC 2V
✓
CRA 12/43
SC
M



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2025**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-43

Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna:

- Laharana faha-002/2025 tamin'ny 28 May 2025 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Amélioration de la Productivité Agricole Phase 2-PAPAM 2, conclu le 23 avril 2025 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (FAD) » ;
- Laharana faha-003/2025 tamin'ny 14 Jona 2025 « relative à la gestion de la trésorerie de l'Etat » ;
- Laharana faha-001/2025 tamin'ny 22 May 2025 « autorisant la ratification de l'accord se rapportant à la convention des Nations Unies sur le droit de la mer et portant sur la conservation et l'utilisation durable de la biodiversité biologique marine des zones ne relevant pas de la juridiction nationale ou accord BBNJ »

Fivoriana faha-16
Natao ny
Talata 24 Jona 2025
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa TOKELY Justin

MPITANTSORATRA: Andriamatoa ANDRIAMANANORO RAZAFINARIVO Augustin

FOTOANA: Talata 24 Jona 2025, tamin'ny 4 ora sy 15 minitra, hariva.

Isan'ny Solombavambahoaka tonga nivory: 15 ; tsy tonga :148 ; voaala tsiny : 00.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna:

- Laharana faha-002/2025 tamin'ny 28 May 2025 “autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Amélioration de la Productivité Agricole Phase 2-PAPAM 2, conclu le 23 avril 2025 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (FAD) » ;
- Laharana faha-003/2025 tamin'ny 14 Jona 2025 « relative à la gestion de la trésorerie de l'Etat » ;
- Laharana faha-001/2025 tamin'ny 22 May 2025 « autorisant la ratification de l'accord se rapportant à la convention des Nations Unies sur le droit de la mer et portant sur la conservation et l'utilisation durable de la biodiversité biologique marine des zones ne relevant pas de la juridiction nationale ou accord BBNJ ».

Nitohy ny Talata 24 Jona 2025, tamin'ny 4 ora sy 15 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa TOKELY Justin, Filoha no nitarika ny fivoriana.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Andriamatoa ANDRIAMANANORO RAZAFINARIVO Augustin.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Nomarihany fa ny Volavolan-dalàna laharana faha-002/2025 tamin'ny 28 May 2025 “autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Amélioration de la Productivité Agricole Phase 2-PAPAM 2, conclu le 23 avril 2025 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (FAD) », no hodinihana voalohany.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, ny tenany mba hamaky ny tatitra momba izany.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata faha-24 Jona 2025 tamin'ny 10 ora sy sasany, maraina, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny Vaomieran'ny Lalàna ary ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fiompiana nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-002/2025 tamin'ny 28 May 2025 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Amélioration de la Productivité Agricole Phase 2 - PAPAM 2, conclu le 23 avril 2025 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD).

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, Filohan'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- 1- RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard
- 2- RAZAFIMANANTSOA Hanitriniaina Lobo
- 3- RANDRIANASOLO Todisoa Idéal

Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Hanitra Lobo no Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa RANARIVELO Fanomezantsoa Lucien no Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Fambolena sy Fiompiana tonga nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina no Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory.

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory:

- | | |
|------------------------------|--------------|
| 1- Gaëtan RAMINDO | SG/MinAE |
| 2- RASAMIRAVAKA loby | MEF/DGT/DDP |
| 3- RAMIANDRASOA Kevin | DAJC/MinAE |
| 4- RAZAFINDRABE Haingo | MEF/DGT/DDP |
| 5- RAKOTONANDRASANA Joelison | MEF/DGT/DDP |
| 6- RAMBONILAZA H. | MEF/DGT/DDP |
| 7- RAKOTOARISAONA Mitia | DVPP/MinAE |
| 8- RARIVOARIMANANA Anjara | DVACCP/MinAE |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana ny fitenenana mba hanazava ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Nambaran'ny teknisiana fa ity Volavolan-dalàna ity dia mikasika indrindra ny fisian'ny tetikasa «Projet d'amélioration de la Productivité Agricole Phase 2 – PAPAM 2» izay entin'ny «Agence Française de Développement (AFD)» hanohanana ny sehatry ny fambolena eto Madagasikara.

Nazavainy fa miantoka ny 26 %-ny harinkarena faobe eto Madagasikara ny Fambolena izay foto-pivelomana fototra eto amin'ny firenena ihany koa. Ny fambolem-bary no tena mibahana amin'ny Fambolena satria tokantrano 7 ao anatin'ny 10 no misahana izany.

Tsapa anefa fa mbola ambany ny tahan'ny famokarana satria mitentina 2.45T ka hatramin'ny 2.7 T/Ha ny voka-bary azo ankehitriny. Izany fahakelezan'ny vokatra izany dia hita fa vokatry ny toetr'andro, sy ireo fotodrafitrasa izay efa tsy maharaka intsony.

Tanjona goavana amin'ity tetikasa ity ny fanamafisana ny fitomboana ara-toekarena, hitsinjovana ny fahaleovantena ara-tsakafo sy hiantohana fidiram-bola mari-toerana ho an'ireo mponina any ambanivohitra.

Anisan'ny tanjon'ny tetikasa ihany koa ny hampitomboana ny vokatra azo avy amin'ireo mpamokatra isan-tokantrano, hanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpamboly manoloana ny fiovaovan'ny toetry ny andro ary hanamafisana ny fitohizan'ny famatsiam-bola ho an'ny fambolena.

Ahitana sokajy (composantes) miisa 4 ny Tetikasa :

- Sokajy 1: fanohanana sy fampiofanana ho amin'ny sehatry ny fambolena ;
- Sokajy 2 : « Intensification agroécologique et approche Bassin Versant/Périmètres Irrigués (BVPI) »;
- Sokajy 3 : Fitantanana ny fananan-tany eny anivon'ny Kaomina (Gestion foncière communale);
- Sokajy 4 : Fitantanana ny Tetikasa, fanaraha-maso sy fampitam-baovao (gestion du Projet, suivi-évaluation, communication).

Aorian'ity tetikasa ity dia olona miisa 300 000 no afaka hisitraka ireo fotodrafitrasa vaovao, tokantrano 60 000 no hivoatra ara-toekarena avy amin'ny fisitrahan'izy ireo famatsiam-bola amin'ny fambolena. Tokantrano miisa 30 000 kosa dia hiova mankany amin'ny fambolena miaro ny tontolo iainana. Ny tetikasa kosa dia hisahana amin'ny Kaomina 20 ao anatin'ny faritra 4 izay ahitana an'i Vakinankaratra, Atsimo Atsinanana, Fitovinany ary Betsiboka.

Mahakasika ny findramam-bola indray kosa dia mitentina 15.000.000 “Euros” na 75 720 300 000 MGA ny fampindramam-bola izay averina ao anatin'ny 25 taona ka ny 7 taona voalohany tsy amerenana zana-bola.

Misy 5.000 000 “Euros” ankoatrany kosa tsy averina.

Ny « commission d'engagement » dia 0,5% ary ny « commission d'instruction » kosa dia 0,5%-ny vola indramina izay aloa mialohan'ny « premier décaissement ». Ny « indemnité d'annulation de crédit » dia 2.5 % amin'ny « montant annulé »

Ny Minisiteran'ny Fambolena sy Fiompiana no tomponandraikitry ny Tetikasa. Ka toy izao ny fitsinjarana ny vola indramina : Ny 11 400 000 « Euros » ho an'ny « durabilité des systèmes de production et performances économique des EAF ».

Ny 4 000 000 « Euros » ho an'ny « transition agroécologique et gestion durable des BV-PI ».

Ny 3 200 000 « Euros » ho an'ny « gestion de projets » ary ny 1 400 000 ho an'ny « imprévus ».

Rehefa izany dia nisy ny fanamarihana sy fanontaniana

FANAMARIHANA

- Raha hijery ny «zone d'intervention du projet» ny Ministera dia tokony omena andraikitra ireo Solombavambahoaka satria maro izy ireo no manana traikefa, izy ireo koa dia mahafantatra tsara ihany koa ny any amin'ny distrika misy azy.
- Tokony hamafisina ny fifandraisana amin'ny alalan'ny "radio locale" isaky ny distrika, mba hahafantaran'ireo tantsaha tena mpisehatra be be kokoa ireo tohana entin'ity tetikasa ity izay tokony hipaka any amin'izy ireo.

FANONTANIANA SY VALINY

- 1- Inona no maha samihafa ny PAPAM 1 sy PAPAM 2 ary inona avy ireo zava-baovao sy lesona tsoahana ka heverina fa hitondra fanatsarana be be kokoa amin'izay efa vita?
 - Tamin'ny PAPAM 1 dia faritra telo ihany no niasan'ny tetikasa izay nisy an'i Vakinankaratra, Atsimo Atsinanana ary Fitovinany fa ny PAPAM 2 kosa dia hihitatra any amin'ny faritra Betsiboka mba hanohizana ireo tetikasa efa nisy izany hoe asa mifameno amin'ny tetikasa teo aloha; anisan'izany ny fanatsarana ireo fotodrafitrasa efa nisy.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandanianana ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany dia nankatoavin'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra ny Volavolan-dalàna laharana faha-002/2025 tamin'ny 28 May 2025 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Amélioration de la Productivité Agricole Phase 2 - PAPAM 2, conclu le 23 avril 2025 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD) ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, tamin'ny namakiany ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana ny tatitra ny mpivory.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hanazava ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Nanambara Andriamatoa HAJARISON François Sergio, Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana, fa ny tetikasa PAPAM 2 dia manohy ny tetikasa PAPAM 1 izay tetikasa efa nisy teo aloha saingy miompana kokoa amin'ny fanomezan-danja ny famokarana isam-pianakaviana izay mitarika amin'ny fampandrosoana lovain-jafy no tanjona.

Nomarihany fa mahatratra 26%-n'ny PIB eto amitsika dia avy amin'ny sehatry ny Fambolena sy ny Fiompiana. Ny zavatra tsapa anefa, tsy mifandanja amin'ny haben'ny hanampamokarana eto amin'ny firenena ny fitombon'ny mponina. Eo anatrehan'izay, ny tanjona izany dia ny hahatrarana ny fahavitan-tena ara-tsakafo sy mba hanena ny tahan'ny tsy fanjariana ara-tsakafo ary hanomezana fidiram-bola mendrika ny tontolo ambanivohitra.

Ny tetikasa PAPAM 2 dia natao hanohana ireo tantsaha mba hiditra amin'ny fomba famokarana mahomby sy maharitra kokoa ary ahafahana miaro ireo harena voajanahary misy eto amintsika. Izany hoe, entina hanatsarana ny fidiram-bolan'ireo mpamokatra sy hiadiana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo ity tetikasa ity araka ny voalaza teo aloha.

Kaominina miisa 20 amin'ny Faritra miisa 4 no hanatanterahana ny tetikasa PAPAM 2. Hisy «comité de pilotage» mivory isan-taona hanara-maso ny fizotran'ny tetikasa. Ahitana manokana ireo rafitra teknika eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana, ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola, ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany ary ny Minisiteran'ny Tontolo lainana io “comité” io. Marihana, hoy Andriamatoa Minisitry, fa afaka manatrika ny fivoriana io “comité de pilotage” io koa ny Solombavambahoaka mba ahafahany mahita ny fivoaran'ny asa sy mitondra sosokevitra amin'izay mety ho fanatsarana ny tetikasa.

Nambaran'Andriamatoa Minisitry koa fa mitentina 15 tapitrisa “Euros” ny vola indramina, ka ny 5 tapitrisa amin'io dia tsy haverina. Averina mandritry ny 25 taona ny vola indramina, ka ny 7 taona voalohany, tsy andoavana zanabola.

Nomarihany fa vonona hamaly ny fanontaniana hapetraky ny Solombavambahoaka ny tenany raha mbola misy tsy mazava momba ny Volavolan-dalàna izay hodinihana eto.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa HAJARISON François Sergio, Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana, tamin'ny famelabelarana narosony, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nanome fitenenana ny Solombavambahoaka izay nangataka izany izy.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, nanontany ny fepetra nojeren'ny Minisitry amin'ny toerana hanatanterahana ny tetikasa PAPAM 2 satria toa tsy mbola nisitraka izany raha ny Distrikan'Antanifotsy.

Namaly Andriamatoa Minisitry, fa fanohizana ny tetikasa PAPAM 1 ihany ny tetikasa PAPAM 2. Izany hoe, izay toerana efa niasana tamin'ny PAPAM 1 ihany no hiasana fa ny Faritra fotsiny no nampitomboina. Raisina ohatra amin'izany ny Faritra Vatovavy Fitovinany. Taloha, Faritra iray izy io ka tao Fitovinany no nanatanterahana ny tetikasa PAPAM 1. Efa nizara ho Faritra roa anefa izy amin'izao, ka ny tetikasa natao tao Fitovinany ihany no hotohizana fa tsy nanaovana tetikasa vaovao ny tao Vatovavy.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana intsony ny mpivory, nanambara, Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-002/2025 tamin'ny 28 May 2025 ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ity Volavolan-dalàna ity. Araka ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, tsy azo kitihana ny andininy ao anaty Volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandinihana azy.

Amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra toy izao, nambarany koa, fa ny Andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nilaza fanemorana -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-002/2025 tamin'ny 28 May 2025 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Amélioration de la Productivité Agricole Phase 2-PAPAM 2, conclu le 23 avril 2025 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (FAD) ».

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha, ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana raha toa mbola manan-kambara izy ireo.

Fisaorana sy fankasitrahana ny Solombavambahoaka no nataon'Andriamatoa HAJARISON François Sergio, Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana, raha nandray fitenenana ny tenany.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Minisitry, tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fandaharam-potoana manaraka ny mpivory dia ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-003/2025 tamin'ny 14 Jona 2025 « relative à la gestion de la trésorerie de l'Etat », izany.

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany mba hamaky ny tatitra momba izany.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata faha-24 Jona 2025 tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, maraina, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny Vaomieran'ny Lalàna nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-003/2025 tamin'ny 16 Jona 2025 « relative à la gestion de la trésorerie de l'Etat »

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, Filohan'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- 1 RAZAFIMAHEFA Tianarivelo
- 2 RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina

Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina no Solombavambahoaka mpikambana avy amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa RANARIVELO Fanomezantsoa Lucien no Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana.

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governementa

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- | | |
|----------------------------|----------------------|
| 1. RAMANAMPANOHARANA Andry | SG MEF |
| 2. RASAMIRAVAKA Ioby | Dir dette Publique |
| 3. ANDRIAMAMONJY Mamy | Chef de service/MEF |
| 4. RANAIVOSON Haja L. | Chef de división/MEF |
| 5. RAZAFINDRABE Haingo M. | Chef de service/MEF |
| 6. RAJAONA Ambinintsoa N. | Chef de división/MEF |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana ny fitenenana mba hanazava ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Izao Volavolan-dalàna izao dia natao hanavaozana ny "Ordonnance n°62-075 du 29 septembre 1962 » izay mahakasika ny « gestion de la trésorerie de l'Etat » izay efa niasa teto amin'ny firenena malagasy nandritra ny 50 taona ka hita fa efa nilaozan'ny toetr'andro na ny ara-teknolojia na ny eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Eo ihany koa ny fanatsarana ny fivezivezen'ny vola na mivoaka na miditra eto Madagasikara.

Ny tanjona amin'izany dia ny hametrahana ny "bonne pratique moderne" eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena sy ny tsy hisian'ny "arriéré" amin'ny volam-panjakana na ny eto antoerana na ny any ivelany.

Tsara marihana fa isan'ny fototra amin'izany lalàna izany ny « unité de trésorerie » izay mampivondrona ny volan'ny fanjakana foibe sy ny volan'ireo Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana ao anaty kaonty iray sy ny "obligation de dépôt" eny amin'ny Tahirimbolam-panjakana.

Anisan'ny fanapahan-kevitra ara-stratejika noraisin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia ny hampifandraisana ny "plan annuel et d'endettement" atao amin'ny "plan de la trésorerie", izany hoe mba hisian'ny "gestion active" amin'ny fitantanam-bola. Eo ihany koa ny fanaovana "placement" amin'ireo vola misy mba tsy hipetraka fotsiny ilay vola.

Noho ireo antony ireo dia ilàna fanatsarana ny "Gestion de la Trésorerie" amin'ny alàlan'izao Volavolan-dalàna izao, izay hiteraka fampihenana ny findramam-bola sy ny fampiasana araka ny tokony ho izy ireo ambim-bava amin'ny volam-panjakana.

Ahitana tanjona miisa 4 ny Volavolan-dalàna ka ireto avy izany:

- Lalàna mifanaraka amin'ny tontolo ara-bola sy ara-teknolojia;
- Mampifanitsy ny lalàna Malagasy amin'ireo fenitra iraisam-pirenena;
- Manome ny Fanjakana ny fitaovana entina mitantana ny "trésorerie"-mpanjakana mba hialana amin'ny fivangongoan'ny "arriérés de paiement";

- Mametraka ny tontolon'ny "gouvernance" entina mifehy ny « trésorerie de l'Etat ».

Araka izany dia ahitana ireto fototra ireto ny Volavolan-dalàna:

- Ny fanohizana ny fametrahana ny "unité de caisse et de trésorerie" ;
- Ny fametrahana ny « Comité de trésorerie » sy ny « Unité de technique de gestion de la Trésorerie » ;
- Ny fampaneken'ny Minisitra misahana ny volam-panjakana ireo fironana ara-stratejika rehetra ;
- Ny fanazavana ireo fitaovana rehetra mahakasika ny "gestion de la trésorerie" ;
- Ny fidirana ao amin'ny « marché monétaire et financier ».

Ahitana Lohateny miisa 3 sy Toko miisa 7 ary andininy miisa 28 ny Volavolan-dalàna.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny ady hevitra ny mpivory, ka tao anatin'izany no nisian'ny fanamarihana sy fanontaniana miaraka amin'ny valiny.

FANAMARIHANA AVY AMIN'NY MPIVORY:

- Marina fa tena tsara ity Volavolan-dalàna ity kanefa kosa tokony hisy dikan-teny amin'ny teny malagasy satria maro ireo Ben'ny Tanàna tsy mahafehy ny teny vahiny ;
- Mila ezaka ny teknisiana avy amin'ny Minisitara mba hanazavana bebe kokoa ity Volavolan-dalàna ity eny anivon'ny Kaominina manerana ny Nosy ;
- Tokony hisy "appui technique" sy "renforcement de capacité" ho an'ny Ben'ny Tanàna rehetra aorian'ny famoaha na ny didy fampiharana mahakasika ity Volavolan-dalàna ity.

FANONTANIANA SY VALINY:

1. Fepetra napetraky ny "FMI" ve izy ity ?
→ *Eny, tafiditra ao amin'ny fepetra fahazoana ny «Facilité Elargi de Crédit » izy ity ka mila tonga alohan'ny volana May 2025 ny fanekena ity Volavolan-dalàna ity.*
2. Nisy fanatsarana sy zava-baovao ve ity Volavolan-dalàna ity raha oharina tamin'ny «Ordonnance n°62-075 du 29 septembre 1962 relative à la gestion de la trésorerie» ?
→ *Ny tao amin'ny « ordonnance n°62-075 » dia ny « unité de caisse » sy ny « dépôt de consignation » ary ny « obligation de trésor » no voalaza tao. Nitondrana fanatsarana kosa amin'ity Volavolan-dalàna ity mba hifanaraka amin'ny zava-misy maneran-tany sy ny teknolojia.*

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandaniana isan'andininy tamin'ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Famelabelarana ny Antonantony : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy voalohany: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-2 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-3 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-4 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-5 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-6 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-7 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-8 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-9 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-10 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-11 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-12 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-13 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-14 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-15 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-16 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-17 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-18 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-19 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-20 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-21 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-22 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-23 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-24 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-25 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-26 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-27 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
 Andininy faha-28 : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandaniahana ny Volavolan-dalàna amin'ny ankapobeny ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany dia nolanian'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Volavolan-dalàna laharana faha-003/2025 tamin'ny 14 Jona 2025 « relative à la gestion de la trésorerie de l'Etat » ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 12 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny tamin'ny famakiany ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny Solombavambahoaka.

Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanambola, kosa nanambara fa manana fanamarihana kely momba ny tatitra novakiana teo ny tenany.

Ao amin'ny pejy faha-2, andininy faha-5, soloina hoe «...plan annuel d'engagement et de mndatement» ampifandraisina amin'ny «plan de la trsorerie» sy mba hisian'ny «gestion active»...

Ao amin'ny pejy faha-4, valim-panontaniana voalohany, soloina hoe: ... "Facilité Elargi de Crdit" miaraka amin'ny FMI, fa tsy "Fonds Elargi de Crdit".

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra intsony ny mpivory, nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hanazava misimisy kokoa momba ny Volavolan-dalàna izay hodinihana.

Nanambara Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa hitondra fanazavana fohy mikasika ny tahirim-bolam-panjakana na ny «trsorerie» aloha ny tenany mba tsy hifangaro amin'ny fampiasam-bolam-panjakana ny adihevitra izay hatao.

Rehefa miresaka volam-panjakana, tsara sarahana ao an-tsaina ny manavaka ny atao hoe sorabola, lelavola ary ny kaontim-bola.

Ny sorabola na koa antsoina hoe tetibola no fahalalan'ny maro azy no mitarika ny fampiasam-bolam-panjakana sy anaovana ny «exécution budgétaire» rehetra. Samy manana ny azy ny rafi-panjakana rehetra ary tsy misy vola mahazo mivoaka ao amin'ny «trésor» raha tsy misoratra mialoha any anatin'ny sorabola izany.

Amin'ity Volavolan-dalàna izay entina eto amin'ny Antenimierampirenena ity anefa, tsy hiresaka sorabola na fampiasam-bola isika.

Ny kaontim-bolam-panjakana na «comptabilité publique» kosa no fanaovana ny kajy sy ny tatitry ny fampiasam-bola rehetra. Tsy voatery hiara-dia amin'ny fampiasam-bolam-panjakana anefa ny kaontim-bolam-panjakana. Izany hoe, mety ho ny taona 2025 isika vao manao ny famaranana ny kaonty tamin'ny taona 2024.

Farany, momba ny lelavola na "caisse" no fiantsoana azy amin'ny fiainana andavan'andro, io no resahana androany. Ohatra tsotra no raisina mba hampazava azy tsara: raha manana "compte bancaire" ny olona iray, hafa ny sorabola ao anaty kaonty, hafa ny kajikajy atao ao anaty kaonty ary hafa ihany koa ny vola azo alaina rehefa tonga manoloana ny «caisse» ny tompon'ny kaonty fa tsy izay hita tany amin'ny sorabola. Ny vola ao anaty kaonty koa dia azo alain'ny tompon'ny kaonty any amin'ny toerana rehetra izay alehany raha misy ny "agence"-ny fa tsy voatery hoe tao amin'ny toerana nanokafany ny kaontiny ihany izy no afaka maka izany.

Toy izay no fandehan'ny lelavola resahana ao anatin'ity Volavolan-dalàna ity. Tsy hanova ny "principe de droit" mikasika ny fitantanam-bola ity Volavolan-dalàna ity, fa hanamafy sy hanatsara ny efa nisy teo aloha. Hanangana "caisse unique" izany no tanjona amin'izy ity ary azo alaina any amin'ny "trésor public" rehetra eto Madagasikara ny volam-panjakana izay tokony hivoaka. Izany hoe, mitambatra ho iray ny "caisse de l'Etat".

Nomarihany fa tsy manohintohina ny resaka «décentralisation» ity Volavolan-dalàna ity satria ny sorabola no mitondra ny "décentralisation" fa tsy ny lelavola.

Taloha ohatra, raha hanao asa any Ampanihy ny Minisiteran'ny Asa Vaventy, raha teto Antananarivo ny sorabola natokana ho azy dia tsy maintsy eto ihany izany no azo alaina. Amin'ity Volavolan-dalàna ity kosa, raha any Ampanihy ny asa hotanterahina dia azo alaina

any an-toerana amin'ny “trésor public” any ihany ny vola hanatanterahana ny asa. Tsara ho fantatra ihany koa fa hisy “comité de trésorerie” hiaraka handray fanapahan-kevitra amin'izay vola mivoaka ao amin'ny « caisse », fa tsy olona iray intsony no misahana izany. Mila manome “plan de trésorerie” any amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola izany ny rafi-panjakana rehetra vao afaka mamoka vola.

Hampiasa teknolojia misy koa ny Minisitera mba ahafahana mijery “tableau de bord unique” sy ahafantarana ny vola misy manerana ny nosy. Nomarihany fa mbola manana 18 volana ny rafi-panjakana rehetra vao mihatra ity lalàna ity ary mbola hisy ny fampianarana sy ny fampitaovana miaraka amin'izany. Tsy mbola mihatra any amin'ireo Kaominina tsy manana ny rafitry ny Tahirim-bolam-panjakana na “commune catégorie 2” kosa ity Volavolan-dalàna ity rehefa lany.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, tamin'ny famelabelarana nataony, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiditra amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, nangataka fanazavana momba ny fampitaovana ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pehefana any ambanivohitra satria misy “commune urbaine” aza mbola sahirana sy tsy nahazo fampitaovana, ka manao ahoana ny mikasika ny any ambanivohitra any.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, kosa nanontany ny antony tsy nanaovana ity Volavolan-dalàna ity hatramin'izay kanefa tsara dia tsara raha ny zavatra entiny.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba ahafahany mamaly ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka teo.

Nanambara, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa misy tokoa ireo Kaominina tena sahirana kanefa efa mijery mpiaramiombon'antoka ny Minisitera amin'ny fampandehanana ity Volavolan-dalàna ity, ka hatao lohalaharana amin'izany aloha ny “commune urbaine” voalaza teo.

Ny antony nahatara ny fanolorana ny Volavolan-dalàna kosa, mbola nitady mpiaramiombon'antoka ny Minisitera, ka izao vao nahita izany ary nanambara izy ireo fa vonona hiara-hiasa amin'ny Governemanta.

Taorian'izay, nisaotra an-dRamatoa Minisitry sady nanambara Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andiny momba ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

- Famelabelarana ny Antonantony: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -
Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Famelabelarana ny Antonantony.

- Andininy voalohany: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -
Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy voalohany.

- Andininy faha-2: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -
Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-2.

- Andininy faha-3: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-3.

- Andininy faha-4: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-4.

- Andininy faha-5: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-5.

- Andininy faha-6: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-6.

- Andininy faha-7: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-7.

- Andininy faha-8: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-8.

- Andininy faha-9: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-9.

- Andininy faha-10: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-10.

- Andininy faha-11: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-11.

- Andininy faha-12: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-12.

- Andininy faha-13: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-13.

- Andininy faha-14: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-14.

- Andininy faha-15: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-15.

- Andininy faha-16: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-16.

- Andininy faha-17: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-17.

- Andininy faha-18: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-18.

- Andininy faha-19: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-19.

- Andininy faha-20: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-20.

- Andininy faha-21: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-21.

- Andininy faha-22: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-22.

- Andininy faha-23: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-23

- Andininy faha-24: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-24.

- Andininy faha-25: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-25.

- Andininy faha-26: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-26.

- Andininy faha-27: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-27.

- Andininy faha-28: nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-28.

Taorian'ny fandanianana isan'andininy, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny ny mpivory.

Nomarihany fa ny Andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty Mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-003/2025 tamin'ny 14 Jona 2025 « relative à la gestion de la trésorerie de l'Etat ».

Taorian'izay, nomeny fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha mbola misy tiany ambara.

Fisaorana tamin'ny fahalanin'ny Volavolan-dalàna no nataon-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, raha nandray fitenenana ny tenany.

Rehefa izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandaharam-potoana manaraka indray ny mpivory, izay fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-001/2025 tamin'ny 22 May 2025 « autorisant la ratification de l'accord se rapportant à la convention des Nations Unies sur le droit de la mer portant sur la conservation et l'utilisation durable de la diversité biologique marine des zones ne relevant pas de la juridiction national ou BBNJ ».

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany mba hamaky ny tatitra momba izany.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RANARIVELO Lucien, ka toy izao no fivakiny :

Nivory ny Talata faha-24 Jona 2025 tamin'ny 12 ora, atoandro, ny Vaomieran'ny Raharaham-bahiny, ny Vaomieran'ny Lalàna, ny Vaomieran'ny Jono sy ny Toekarena Manga ary ny Vaomieran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovain-jafy nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-001/2025 tamin'ny 22 May 2025 « autorisant la ratification de l'accord se rapportant à la Convention des Nations Unies sur le droit de la mer et portant sur la conservation et l'utilisation durable de la biodiversité marine des zones ne relevant pas de la juridiction nationale » .

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovain-jafy no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Raharaham-bahiny tonga nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. RALAMBOMANANA Fenoherintsoa
2. RABENIRINA Maminiaina

Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina no Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana.

Tsy nisy tonga nanatrika ny fivoriana ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Jono sy ny Toekarena Manga.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovain-jafy nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. RAZAFIMAHEFA Tianarivelo
2. RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina
3. RANARIVELO Fanomezantsoa Lucien

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- | | |
|------------------------------|------------------------|
| 1. RABENANDRIANINA Rivosoa | DGDD/MEDD |
| 2. ANDRIATSIHALA Luck | Dir/MEDD |
| 3. RABARY Andriatsialavo | DPED/MPEB |
| 4. RAHARISON Narindra | DAJC/MPEB |
| 5. ROBSON Onja | DGDD/DEUB |
| 6. YOUSOUF Dollis Clais | PFN/BBNJ/CNRO/MESUPRES |
| 7. RANDRIAMIALISON Yvette | SET/DAJCC/MAE |
| 8. RAMILISON Mialy | SAEM/MAE |
| 9. RAKOTOMAVO Nathalie | DAJC/MEDD |
| 10. SOLOMONENJANAHARY Jadyde | CAT/MEDD |
| 11. RAMALY Veloarimanana V.D | CT/DAJC/MEDD |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mahakasika ny Volavolan-dalàna.

Nambarany tamin'izany fa ity Volavolan-dalàna ity dia mikasika ny fifanarahana iraisam-pirenena entina miaro, mampiasa maharitra ivelan'ny fari-piadidiana nasionaly "Zone Economique Exclusive" ireo harena biolojika an-dranomasina. Marihina fa mbola manana fahalalahana hifamezivezy sy hifamoivoy ny firenena rehetra fa kosa mametraka Lalàna entina hiarovana ireo fametrahana fotodrafitrasa tsy ara-dalàna, ny jono sy ny fitrandrahana tsy ara-dalàna ary hifehezana ny fikarohana ara-tsiansa manerana ireo fari-dranomasina.

Izy ity dia fitohizan'ny "Convention des Nations Unies sur le Droit de la Mer" (CNUDM) izay nankatoavina tamin'ny taona 1982 ka entina mametraka ny fototra ara-dalàna « cadre juridique »; eo ihany koa ny fiarovana ny fari-dranomasina ary ny fampiasana maharitra izany.

Tapaka nandritra ny « Conférence intergouvernementale » izay nampanantsoin'ny Firenena Mikambana izao fifanarahana iraisam-pirenena izao ny faha-19 Jona 2023 ka miisa 137 ireo

firenena nanao sonia ny fifanarahana tamin'izany; 51 ankehitriny ireo efa nankatoa (ratifier) izany fifanarahana izany ka raha mahatratra 60 ireo firenena mankatoa azy dia mihatra avy hatrany ity fifanarahana ity.

Manan-danja amin'ny firenena Malagasy izao fifanarahana izao amin'ny maha nosy manana harena an-dranomasina maro azy. Araka izany dia afaka mandray anjara feno i Madagasikara amin'ny famolavolana ireo fifanarahana iraisam-pirenena, ny fiarovana ny zava-manan'aina any an-dranomasina sy ny fitandroana ara-drariny ny harena an-dranomasina.

Mampirindra ny fifanarahana iraisam-pirenena amin'ny Lalàna Malagasy ihany koa ny fankatoavana izao fifanarahana izao ary mifandraika tanteraka amin'ny lalan-jotra izay efa noraisin'i Madagasikara manoloana ny fiarovana ireo zava-boary an-dranomasina.

Miisa 4 ny teboka lehibe amin'ity Volavolan-dalàna ity ka ireto avy izany:

- Fahaiza-mitantana ireo « ressource génétique marine » (ahazoana tombotsoa mizara mira na « partage équitable ») ;
- Fametrahana ny fitaovana amin'ireo fari-dranomasina voaaro (Aire Protégée Marine et Aérien) ;
- Fifehezana ireo fitrandrahana an-dranomasina sy ny fiatraikany ara-tontolo iainana;
- Fanamafisana orina ny fahaiza-manao ara-teknolojia.

Natao hiarovana ireo harena voajanahary maharitra, hampifandanja ny fizarana ireo tombotsoa azo ary entina manao fiharian-karena maharitra izy ity.

Ahazoana tombotsoa maro izy ity toy ny:

- Fanamafisana ny fiaraha-miasa nasionaly sy iraisam-pirenena ara-teknika, ara-bola toy ny jono, fizahantany, fitaterana an-dranomasina, fiarovana ny tontolo iainana, fifanarahana ara-bola;
- Fanenjehana ireo jono tsy ara-dalàna;
- Fametrahana ireo rindran-damina amin'ny fifindra-monina an-dranomasina "migration marine";
- Fitohizan'ny "corridor marine";
- Mametraka ny "mécanisme multi-latéraux » ;
- Mametraka ny fahaiza-manao ara-tsiantifika toy ny fikarohana;
- Fanamorana ny fahazoana ireo antontan'isa (statistiques) sy ny fitrandrahana ny « ressource génétique marine » ;
- Fanatsarana ny fiarovana eny amin'ny ranomasim-be (jono, fitaterana, ...) .

Miisa 76 ireo andininy ao anatin'ity Volavolan-dalàna ity ary ahitana fizarana 12.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana sy fanamarihana ny mpivory.

FANONTANIANA:

- 1. Inona no antony tsy nanaovan'ireo firenena sasany sonia sy "ratification" ity fifanarahana iraisam-pirenena ity? Iza avy ireo firenena tsy nanao sonia izany?**
 - Ny ankamaroan'ireo firenena tsy nanao sonia sy tsy nanao "ratification" azy ity dia ireo firenena tsy misy sisin-dranomasina. Misy anefa ireo nanao sonia sy nanao "ratification" na dia tsy manana sisin-dranomasina aza. I "Russie, Etats Unis, Inde, Corée du Nord" dia anisan'ireo firenena tsy nanao sonia satria tsy mitovy ny tombotsoa azo (partage de bénéfice), eo ihany koa ny tsy mampazoto azy ireo hanao "financement" be amin'ilay izy.
- 2. Inona no ifandraisan'ny « Zone Economique Exclusive» sy ny « plateau continental » ?**
 - Ao amin'ny « plateau continental » izay mbola atao adisisika no misy ny "Biodiversity Beyond National Jurisdiction" (BBNJ). Izany hoe, any ivelan'ny "juridiction nationale" no misy azy.
- 3. Firy no halaviran'ny "Zone Economique Exclusive" ary firy ny halavirana azo amin'ity BBNJ ity?**
 - 350 km no azo amin'ny "Zone Economique Exclusive" miala amin'ny "ligne de base"; 860 000 km² kosa no refiny hiadintsika

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany, nankatoavin'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra ny Volavolan-dalàna laharana faha-001/2025 tamin'ny 22 May 2025 «*autorisant la ratification de l'accord se rapportant à la Convention des Nations Unies sur le droit de la mer et portant sur la conservation et l'utilisation durable de la biodiversité marine des zones ne relevant pas de la juridiction nationale*» (BBNJ)», ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 1 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa RANARIVELO Lucien, tamin'ny famakiany ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory.

Nanambara, Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina, fa manana fanamarihana vitsivitsy mikasika ny tatitra novakiana teo ny tenany.

Ao amin'ny valim-panontaniana ao amin'ny pejy faha-3, anisan'ny firenena tsy nanao sonia ihany koa i Korea Avaratra.

Ao amin'ny pejy faha-4, valim-panontaniana faha-2, tsy io hita ao amin'ny tatitra io no valim-panontaniana tamin'ny asam-baomiera satria ny "plateau continental" no mbola

hanaovantsika adisisika fa ny BBNJ dia mbola tsy tafiditra ao anaty “jurisdiction nationale”. Tsy voasoratra ny teny hoe hanaovantsika adisisika.

Ao amin’ny pejy faha-4 ihany, valim-panontaniana faha-3, 860 000 km² no refin’ny “plateau continental” hiadiantsika.

Tsy voasoratra koa ny teny hoe no refin’ny.

Taorian’izay, nomen’Andriamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan’ny Governemanta raha manana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra novakiana teo.

Nanambara Andriamatoa MAX Andonirina Fontaine, Minisitry ny Tontolo sy ny Fandrosoana Lovain-jafy, fa manana fanamarihana momba ny tatitra novakiana teo ny tenany.

Ao amin’ny pejy faha-4, valim-panontaniana faha-3, manodidina ny 360 kilometatra miala ny “côte” ny “Zone Economique Exclusive”, soloana an’io refy io ny teny hoe: “200 000 miles”.

Nohamafisiny ihany koa fa marina ny fanamarihana voalazan-dRamatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina mikasika ny valim-panontaniana faha-3 teo manao hoe: no refin’ny “plateau continental”.

Manarak’izay, mila miova ny lohatenin’ny “ratification” hodinihana eto satria tsy mitovy amin’ny lohateny voalazan’ny “texte” ny anarany ao amin’ny tatitra. Toy izao no tena lohatenin’ny fifanarahana: Volavolan-dalàna laharana faha-001/2025 tamin’ny 22 May 2025 «*autorisant la ratification de l’accord se rapportant à la convention des Nations Unies sur le droit de la mer et portant sur la conservation et l’utilisation durable de la biodiversité biologique marine des zones ne relevant pas de la jurisdiction nationale (BBNJ)*».

Ao amin’ny pejy faha-3, tsipika faha-3 amin’ny tombotsoa azo avy amin’ny fifanarahana : ny fifindra-monina ho an’ireo biby toy ny vorona no resehana ao fa tsy ny an’ny olona tsy akory.

Taorian’izay, nomen’Andriamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan’ny Governemanta mba hanazavana misimisy kokoa momba ity Volavolan-dalàna ity.

Nanambara Andriamatoa MAX Andonirina Fontaine, Minisitry ny Tontolo sy ny Fandrosoana Lovain-jafy, fa ny antony nanolorana ity Volavolan-dalàna ity dia ny hangatahana fankatoavana ny fifanarahana iraisam-pirenena momba ny harena voajanahary amin’ny fari-dranomasina ivelan’ny lalàm-pirenena na ny « *jurisdiction nationale* » afohezina amin’ny hoe « *BBNJ*».

Teo aloha, nalalaka tanteraka ny fampiasana ny fari-dranomasina iraisam-pirenena ka niteraka olana maro izany na ho antsika na ho an’ireo firenena hafa mampiasa ny fari-dranomasina manakaiky antsika.

Nomarihany koa fa dingana lehibe ho an’i Madagasikara eo amin’ny sehatry ny lalàna iraisam-pirenena ity fifanarahana BBNJ ity ka nangataka ny Solombavambahoaka ny tenany mba handany izao Volavolan-dalàna atolotra izao.

Rehefa izany, nanambara Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin’ny adihevitra ankapobeny ny mpivory ka nanome fitenenana ny Solombavambahoaka ny tenany.

Nanambara, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, fa tsy tokony hitady mpamatsy vola avy any ivelany i Madagasikara raha trandrahana araka ny tokony ho izy ny harem-pirenena amin'ireo ZEE ireo satria midadasika raha ny refiny no jerena.

Nangataka ny hampiakarana ny tetibola hatokana ho an'ny Minisiteran'ny Tontolo lainana sy Fandrosoana Lovain-jafy ihany koa ny tenany mba ahafahan'ity Minisitera ity manatanteraka ny vina kasainy hatao.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba ahafahany mamaly ny fangatahan'ny Solombavambahoaka teo.

Nanambara, Andriamatoa MAX Andonirina Fontaine, Minisitry ny Tontolo sy ny Fandrosoana Lovain-jafy, fa ankinina amin'ny Solombavambahoaka ny fampiakarana ny tetibola tokony homena ny Minisitera sahaniny. Nanome toky ihany koa ny tenany fa ny vola natokana ho an'ny Minisitera iandraiketany dia ampiasaina araka ny tokony ho izy mba ho fitsinjovana ireo taranaka any aoriana.

Rehefa izay, nisaotra an'Andriamatoa Minisitry sady nanambara koa, Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-001/2025 tamin'ny 22 May 2025 « autorisant la ratification de l'accord se rapportant à la convention des Nations Unies sur le droit de la mer et portant sur la conservation et l'utilisation durable de la biodiversité biologique marine des zones ne relevant pas de la juridiction nationale ou accord BBNJ », ny mpivory.

Nomarihany koa fa ahitana andininy miisa roa ity Volavolan-dalàna ity. Araka ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, tsy azo kitihana ny andininy ao anaty fifanarahana fa na laniana na tsipahina na ahemotra ny fandinihana azy.

Amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra toy izao, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana; Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nilaza fanemorana -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-001/2025 tamin'ny 22 May 2025 « autorisant la ratification de l'accord se rapportant à la convention des Nations Unies sur le droit de la mer et portant sur la conservation et l'utilisation durable de la biodiversité biologique marine des zones ne relevant pas de la juridiction nationale ou accord BBNJ ».

Taorian'izany, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha mbola manan-kambara.

Fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fahalanian'ny Volavolan-dalàna no nataon'Andriamatoa MAX Andonirina Fontaine, Minisitry ny Tontolo sy ny Fandrosoana Lovain-jafy, raha nandray fitenenana ny tenany.

Nanao satroka Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina, ka nanontany raha tafiditra amin'ity Volavolan-dalàna ity koa ny resaka "îles éparses" na tsia.

Nambarany koa fa maro manam-pahaizana ny Solombavambahoaka Malagasy ary afaka mamaly tsara ny fanambarana nataon'ny Solombavambahoaka Frantsay mikasika ny « îles éparses ». Izany hoe, tokony hantsoina izy ireo rehefa misy ny fifanakalozan-kevitra toy izay amin'izao fotoana izao.

Nanao satroka ihany koa, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, nambarany fa tsy tokony hijerena loko politika ny fitakiana ny « îles éparses » satria tombotsoam-pirenena sy ny ho avin'ny taranaka no jerena amin'izany.

Nohamafisiny fa tsy miady irery akory ny Governemanta fa eo ny Solombavambahoaka manohana azy amin'ny fitakiana ireo nosy manodidina antsika izay mbola bodoin'ny frantsay ireo.

Nisaotra ny mpandray fitenenana rehetra, Andriamatoa Filoha, taorian'izay.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, ny tenany, ka ny Zoma 27 Jona 2025, amin'ny 10 ora, maraina, hisy « rencontre des Présidents des Commissions et des Groupes Parlementaires avec l'UNICEF ».

Niato tamin'ny 6 ora sy 15 minitra, hariva, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA



TOKELY Justin